


## IV.

# ZAVABOAHARY IZAO TONTOLO IZAO



## Ny Jeografia

Nasain'ny mpampianatra nanao kopia izahay kilasy vao manom-boka, dia namonjy an-dry zareo cours moyen izy.

— Hianatra jeografia isika hoy izy tamin-dry zareo.

Tsy mba nanoratra aho fa te-hahalala izany jeografia ianaran'ny cours moyen izany.

Ny fianarana ity tany onenantsika ity sy ny tany hafa rehetra no atao hoe jeografia.

Nosy ity onenantsika Malagasy ity ary Madagasikara no anarany. Ranomasina no manodidina azy, ka na manitsy mianavaratra isika, na mianatsimo, na miankandrefana, na miantsinanana, dia sendra ranomasina.

Rano be mangeniheny ary mangidy sira io ranomasina io. Azo tetezina amin'ny sambo ny ranomasina. Ka rehefa misosa elabe eny ambony ranomasina eny mandritry ny andro vitsivitsy na maromaro, mety ho am-bolana aza, dia hahita tany hafa koa.

Raha miala eto amin'ity Nosintsika ity isika arakaraka izay ho hitsina, dia ireto avy no tany ho hita : Afrika, Komora, Inde, Ceylan, Australie.

Na ny anaran'ny mponina amin'ireo tany ireo, na ny volon-koditra, na ny fiteny, na ny fomba, dia tsy mitovy amin'ny antsika.

Mahavariana ahy mihitsy izany jeografia ary tiako ho hita izany tany hafa sy ranomasina izany. Izany sambo izany ange!

**Hazavao :** mangeniheny — Afrika — Komoro — Inde — Ceylan — Australie

**Ohabolana :** Ny olombelona toy ny embok'akondro, raha manondro lanitra iray ihany, fa raha mitsontsorika, samy manana ny lafiny.



## Parisy

Rakotobe zokinay vao avy nivahiny telo volana tany an-dafy no nitantara taminay ny tanàna Parisy :

Lehibe mihitsy izany tanàna izany, hoy izy. Mifanaretsaka ny olona, ary mifamezivezy tsy mijanona ny ôtômôbilina. Tsy afaka manapa-dàlana mihitsy ny olona raha tsy mijanona ny ôtô.

Malalaka izaitsizy ny arabe nefà mbola feno ôtô telo na efatsosona. Mitandahatra tsy misy hiringiriny amin'ny sisin'ny arabe ny trano vaventy sy avo, enina, fito, valo rihana ary misy aza, hono, mihoatra ny folo rihana.

Saika Vazaha avokoa ny olona ifanenana, ary miteny frantsay sy manao fiteny hafa.

Betsaka ny tranompokonolona kanto, ny fiangonana tsara tarehy, ny lapa, ny firaketana ny fahatsiarovana, ny fanangonana ny asa-tànana vitan'ireo olomahay.

Misy lalamby mandalo any anaty tany, nefà mazava toy ny antoandrobe.

Raha vao mihamainza ny andro, dia mirehitra ny jiro alinkisa amin'ny arabe sy ny trano. Tsy miova fenitra nyfafamoivoin'ny olona raha tsy efa manakaiky ny misasakalina. Tsy maty anefa ny jiro mandra-maraina na dia efa tsy misy olona intsony aza ny arabe.

Maha-te hijery tokoa izany Parisy izany. Hianatra tsara aho, sao mba mety ho tonga any ihany !

**Hazavao :** Mifanaretsaka — mifamezivezy — mifamoivoy — lapa — firaketana fahatsiarovana — tsy misy hiringiriny — alinkisa — tsy miova fenitra

**Ohabolana :** Ny any aminay tsy mba lazaiko ratsy : na dia trano tokana aza lazaiko tanàna, ary na dia olona irery aza, ataoko vahoaka.



## **Handeha hitsangatsangana izahay**

Alatsinain'ny paka ny andro. Nifoha maraina Ineny namboatra ny odiambavafo.

— Anio isika no hanao ilay tsangatsangana nampanantenain-drainareo anareo, hoy Ineny.

— Aiza no haleha ry Ineny ?

— Anontanio an-drainareo fa aoka aho hiasa.

Namonjy an'Idada izahay, ary nanontany azy. Nitsikitsiky Idada no nilaza hoe : Samia miomana fa raha vao vita ny sakafo maraina, dia lasa isika, ary any no misakafo, ka rahariva vao miverina.

— Hitondra inona izahay ry Idada ?

— Asanareo, fa izaho dia hitondra ny fakantsariko sy ny basiko fa tsy fantatro sao mba mahita vorona.

Samy naminany izay haleha izahay.

— Ianarana koa ny miandry amim-paharetana hoy Idada.

Namonjy ny arabe izahay hiandry taxi-brousse eo, hoy Idada, satria ho any Andranomafana.

Nitehaka izahay ankizy rehetra, satria hitsangatsangana any anaty ala hitady longoza sy hihaza bibikely sy lolo, rehefa avy mandro.

Iny taxi anankiray, vao nahita anay dia nijanona. Vetivety no nakanay toerana, dia roso ny dia ho any Andranomafana.

**Hazavao :** naminany — longoza

**Ohabolana :** Ny lalana haleha rahateo, ny dia ho any Mahaviky.



## Fakandrivotra

Hakarivotra hianareo ka mitsangàna miaraka sy amim-pilaminana hoy ny mpampianatra. Dia indray niara-nitsangana izahay rehetra. Nankeo am-baravarana ny mpampianatra ary nitehaka moramora. Nivoaka nilamina izahay sady nangina tsara.

Izay rehetra tafavoaka anefa dia niriotra, nihinjaka namonjy ny kilalao fanaony. Tapitra tafavoaka izahay ary efa niomana ny hanao kanety, na raboka, na tapimaso, na tsipilavaka. Velona anefa ny fililiotra. Tafajoro am-pitsanganana izahay, satria taitra : tsy fahita ny toy izao : vao mivoaka dia... fililiotra!

Naneno fanindroany ny fililiotra : miantso anay hilahatra izany.

Nimenomenona izahay, satria vao nivoaka tsy nilalao akory, dia hiditra sahady. Samy namonjy nilahatra anefa, ary tsy nisy niteny intsony, na dia gaga aza.

— Tsy mbola hiditra akory isika. Nolazaiko anareo fa hanomana ny fetin'ny hazo isika. Ka tsy maintsy hanao kilalao hifaninanana amin'ireo sekoly hafa.

— Ka hanomboka hianatra hamindra isika anio. Efa mahay mamindra ihany hianareo, nefo mbola mandany fotoana be eo amin'ny filaharana; sady ela koa vao samy mahita ny toerana tokony hisy azy avy.

Koa hianatra hamonjy haingana ny toerana anio : ny kely indrindra aloha, ary ny lehibe any aoriana.

— Mitehaka moramora aho, dia samy mamonjy haingana ny toerany avy.

Niparitaka izahay, nirava laharana. Nitehaka ny mpampianatra: nifandrombaka namonjy toerana izahay. Rehefa naverimberina teo, dia hita fa nihazatra ny milahatra haingana izahay.

**Hazavao** : miriotra — mihinjaka — fililiotra — hifaninanana

**Ohabolana** : Kanakana mandro, samy manao ny saim-pantany.



## Tany Toamasina

Ho any Toamasina isika amin'ny alatsinain'ny Paka, hoy Idada. Izy roa vavy farany tsy mbola nahita ranomasina. Mandeha asabotsy maraina isika, mijanona any ny alahady, ary miakatra ny alatsinainy maraina. Samia hendry tsara mandra-pahatongan'io andro io, satria raha misy tsy hendry, dia sady voasazy tsy mankany, no mahavoasazy koa ny sisa rehetra, tsy misy afaka handeha.

Samy nitandrina fatratra izahay, ary tonga ny andro nandrasana.

Efa ela be teo amin'ny gara izahay vao nivoha ny trano. Ary efa nivoha ela koa ny trano vao nivoaka nankany amin'ny toerana andraisana ny train.

Finaritra izahay ankizy nitazana tamin'ny varavarankely; saika tsy nisy nety nipetraka tamin'ny voalohany. Mahatahotra ny tonelina sy ny fidinana mahafanina. Namakivaky ala maitso sy menamena izahay, ary nahita ravinala be dia be. Nitombo anefa ny hafanana; ila tsy ho tanty ny akanjo nanaovanay fony' niala tany an-trano.

Ela ny ela, tonga tany Toamasina izahay. Mahatahotra ny fidoboky ny ranomasina tsy hita lany ary misamboaravoara.

Mahavariana ny sambo misosa eny ambony rano, ary manamorona ny trano heva.

Nahazendana anay ankizy avokoa izay hitanay rehetra; ny torapasika manerana ny tànana sy ny morontsiraka, ny yokatra amidiny eny an-tsena, ny hazandrano.

Angamba mahatamàna tokoa i Toamasina!

**Hazavao** : train — **tonelina** — **ravinala** — **mahazendana** — **misosa**

**Ohabolana** : Mpilomano tsy mahay rano tsy mba manalavitra ny lakana.



## Izao tontolo izao

Roa arivo tapitrisa mahery ny olona rehetra eto ambonin'ny tany. Maro karazana ny volonkodiny : ny fotsy, ny mena, ny zarazara hoditra, ny mainty.

Mizarazara ny tany, samy monina amin'ny mahazatra azy, nentim-paharazana. Tsy mitovy isa ny mponina amin'ny faritany tsirairay. Samihafa avokoa ny fomba fainana mahazatra, ny fomba fitafy, ny sakafo. Ny teny tenenina koa dia samy manana ny azy, ary misy faritra mifanila nefá tsy mifankahazo fiteny.

Tsy misy anefa teny na an'ny firenena iza na an'ny firenena iza no tsy hain'ny hafa, rehefa nianarany. Misy olona afaka mire-saka karazan-teny mihoatra ny folo.

Eto amintsika dia betsaka ny olona tsy mahay hafatsy ny teny malagasy, nefá maro koa no mahay teny frantsay. Monina eto amintsika koa anefa ireo olona hafa fihaviana, dia ny karana, ny sinoa, ny vazaha, hafa noho ny frantsay. Tokony mba ho haintsika ihany ny fitenin'ireo.

Misy anefa teny izay ianaran'ny olona betsaka, satria entiny hifampidinohana raha misy raharaha iraisan'ny olona samihafa firenena. Isan'izany ny teny frantsay; ao koa ny teny anglisy, ary ny teny alemaina, sy espagnôla.

Mifampilaza vaovao, mifanakalo vokatra, manao izay hiraisany tanteraka ny olona rehetra amin'izao tontolo izao.

**Hazavao :** izao tontolo izao — tapitrisa — nenti-paharazana —  
mifanila — mifankahazo

**Ohabolana :** Ny teny tsy azo mampihazohazo.



## Namana Vazaha

Nampianatra ny firaiana sy fifankatiavana ny mpampianatra.

Tokony hifankatia ny olona rehetra. Mifankatia hianareo rehetra, toy ny fianakaviana anankiray, Mifankatia ny Malagasy manontolo.

Tsy ny Malagasy ihany anefa no olona. Hitanareo ireo Vazaha, Sinoa, Karana.

Olona be dia be no misy amin'izao tontolo izao. Tokony hotiavina avokoa izy rehetra ireo. Tokony hifankatia ny eran-tany rehetra.

— Tsy nisy nanan-kolazaina izahay.

— Ireto, hoy ny mpampianatra, misy zana-bazaha mitovy taona aminareo, mpianatra toa anareo, ary mitovykilasy aminareo. Maniry izireo ho namanareo, araka ny taratasy nalefany aty amintsika.

Dia novakin'ny mpampianatra ny taratasy anankiray : i Paul no anarako; roa ambin'ny folo taona aho...

Ny mpampianany no nandefy ny taratasin'izy rehetra ho aty amintsika.

Ka iza aminareo no mazoto hanana namana Vazaha anankiray ?

— Ka hatao ahoana ny tsy mbola mahay teny frantsay ? Sa azo atao teny malagasy ve ny taratasy mankany aminy ?

— Tsia, tsy maintsy teny frantsay. Hianareo mianatra ary mahay teny frantsay vitsivitsy. Izireo kosa dia tsy mba mahay teny malagasy na dia anankiray aza.

**Hazavao** : firaiana — fifankatiavana

**Ohabolana** : Tiavo ny olona fa ny olona no harena.



## Namana Vazaha (tohiny)

— Nisalasala avokoa izahay rehetra.

— Ny hifanakalo vaovao no tena tian'ireo zana-Bazaha ireo.

Hianareo mianatra teny frantsay, satria tena ilainareo ny hahaizana azy. Izireo kosa tsy misy antony ilany ny hahaizana teny malagasy, ka izany no tsy mba ianarany ny tenintsika. Fam-piasanaahasoa anareo tokoa sady ahazoanareo tombony ny handray taratasy voasoratra amin'ny teny frantsay avy amin'izireo, ary ny hanoratra teny frantsay ho any aminy.

— Hitantara ny taniny izy, ny fomba fiainany, ny tanàna any aminy. Handefa sary ho anareo izy, na zavatra hafa momba ny taniny.

Roa sosona ny soa mety ho azonareo. Ny vaovao lazainareo, ny sary avy aty mety mba halefanareo, na fahatsiarovana hafa kosa dia hahafinaritra azy.

— Ka iza no manam-paniriana hifanoratra amin'ireo zana-Bazaha ireo ?


Saiky tapitra nanangan-tànnana avokoa izahay. Nifampijery izaho sy Inaivo, fa samy nanangana. Zava-baovao nahafinaritra anay rehetra izany hoe hanana namana lavitra, any an-dafy, ary hifankahalala amin'ny taratasy fa tsy hifankahita.

Noraïsin'ny mpampianatra an-tsortra ny anaranay, ary dia nizarany an'ireo taratasy voarainy izahay.

— Samia mandinika ny taratasiny sy mamaly azy, fa izaho no handefa ny taratasinareo miaraka. Isaky ny roapolo andro isika no mikarakara ny famaliana sy fandefasana ny taratasy.

**Hazavao :** roa sosona ny soa

**Ohabolana :** Ny olombelona tsy miditra am-pitarihana tokana.



## Avy ny orana

Ny olona tsy nianatra sady tsy mandinika dia milaza fa misy rano betsaka ao an-danitra ao, ka milatsaka tsy mijanona, nefy tsy mety ritra.

Mahalala kosa ny olona nianatra fa ilay rano latsaka ihany no miakatra indray eny amin'ny habakabaka, ary milatsaka. Dia mifandimby miakatra sy midina ny rano.

Hita maso ny orana mirotsaka, fa ny rano miakatra kosa tsy mba hita raha tsy efa tonga zavona na rahona.


Zary etona ny rano eto ambonin'ny tany. Miakatra izany etona izany ka miova ho vaingandrano madinika dia madinika. Tazana tsara ny fitambaran'ireo vaingandrano ireo : dia ny zavona, sy ireny rahona ireny.

Iaraha-mahalala koa ny rahona zary orana. Any amin'ny tany mangatsiaka, dia vaingandranomandry no mahatonga ny rahona sasany. Ka milatsaka ho vovodranomandry atao hoe « neige » no fomba ilatsahany ety ambonin'ny tany.

Ho hitantsika amin'ny fianarana siansa ny andinidininy.

**Hazavao :** habakabaka — zary etona — vaingandranomandry — vovodranomandry

**Ohabolana :** Ny erikerika no mahatondra-drano.



## Ny orambaratra

Iza no tsy mahalala ny tselatra sy ny kotreka ary ny varatra ? Atahoran'ny olona sasany ny tselatra sy ny kotreka, satria manaitra azy, noho ny maha-tampoka ny fisehony.

Varatra no ilazana ny tselatra mampitohy ny tany sy ny rahona. Manimba zavatra na mampidi-doza ny varatra, matetika : mihady ny tany, mahavaky vato, na hazo, mandoro trano na ala, mamono biby na olona.

Fantatry ny olon-drehetra ireo voalaza ireo.

Mety misy tsy mahalala kosa fa elektrisite vitananahary ny tselatra sy ny kotreka ary ny varatra. Mahery lavitra noho ny elektrisite vitan'ny olombelona izy, izay ampiasaina amin-javatra maro.

Ny jiro fanao am-paosy, ny jiro amin'ny bisiklety na amin'ny ôtô, ny jiro amin'ny tanana, ny telegrafy, ny telefôna, ny radiô, dia hery elektrika avokoa no mahatonga na mampiasa azy. Betsaka ny milina sy fiasana ampiasain'ny olombelona no ilana hery elektrika.

Mampieritreritra tokoa ny fahaizan'ity olombelona ity !

**Hazavao :** kotreka ny elektrisite — tselatra — varatra

**Ohabolana :** Dona akaiky mahatahotra...



## Ilay olomahay sy ny zaza

Sady misorona afo hamindroany hono ity olomahay anankiray no manoratra hevitra lalina sy ambony. Nalaza tokoa amin'ny fahaizany ary io soratra nataony io dia hataony boky ho dinihin'ny olon-drehetra.

Injay nisy nandona tao am-baravarana. Nampandrosoiny ary hitany fa zazavavy kely mifanolo-bodirindrina aminy. Niarahaba Rakalakely ary nangataka afo.

— Io ny afo, nefà inona no hitondranao azy ? Tanam-polo ity no nentinao.

— Misaotra Tompoko; hoy ilay zazavavy sady nanatona ny fatana izy. Nofenoiny lavenona mangatsiaka ny tanany ary nasiandy vain'afô vitsivitsy teo ambony lavenona. Nitsikitsiky izy sady nanao veloma.

— Gaga ilay olomahay sady niteny irery. Tsy nahitako ny fomba hitan'iny zazakely iny ny fahaizako be sy ikoizana.

**Hazavao** : mifanolo-bodirindrina — ikoizana — mikoy

**Ohabolana** : Aza ny firongarongan'ny voalavo ihany no jerena fa ao koa ny fahakeliantitry ny totozy.



## Ny fiainana an-tsaha

Sambatra ny tantsaha, satria miaina amin'ny rivotra madio ary mihinana sakafio vaovao lava. Ny zava-maniry vao notazana, ny atody vao latsaka, ny ronono vao noterena dia mahasalama tokoa, ary mbola misy ny zavatra mahasoa isan-karazany.

Betsaka ny fomba ahazoana mihinana ny ronono, fa tsy dia afanaina fotsiny akory. Ny herotra misodika amin'ny ronono, angonina ary kapohina, dia manome ny dibera. Ary ny dibera no menaka mora levona indrindra ao anaty tsinay.

Raha ampandrina kosa ny ronono, ka tandremana hadio tsara, dia azo anaovana fromazy isan'karazany. Ary mora levona koa sady mahasoa fatratra ny tena ny fromazy.

Misy karazan-dronono ampandrina atao hoe iaorta, izay sakafio maivana tokoa, ka azon'ny marary hanina tsara.

Maro dia maro koa ny fomba ahazoana mamboatra ny atody. Hanina mantamanta rehefa avy nafanafanaina, atao lamolety, ahandroina amin'akorany, vakina fotsiny dia atao endy manta-manta.

Tsy àry ho voalaza ny fomba ahazoana mihinana ny vokatra rehetra azo any antsaha, na ny anana, na ny haninkotrana. Koa raha manitatsaina kely foana ny tantsaha dia hahalala ny tombontsoa amin'ny eny ambanivohitra izay tsiriritiny.

**Hazavao :** Tantsaha — notazana — ny zavatra mahasoa isan-karazany — dibera — fromazy — iaorta — haninkotrana — tsiriritiny

**Ohabolana :** Ny tsinay tsy mba vatsy, ny kibo tsy mba lamosina.